## Marathon International de Tana

# Hifampitana amin'ny Kenyana i Hajaniriana

Raha ny vaovao nampitain-dry zareo avy ao amin'ny World Trade Center sy ny Federasiona Malagasin'ny taranja fototra Atletisma, mpikarakara ny Marathon International de Tana, nandritra ny fihaonany tamin'ny mpanao gazety dia ho avy ary handray anjara ry zareo Kenyana sy ny mpihazakazaka avy atsy amin'ny nosy La Réunion. Hotanterahana ny faha 11 oktobra 2015 izao, manodidina ny tanànan' Antananarivo ny andiany faha-15 amin'ity Marathon International de Tana ity. Mpandray anjara miisa 300 eo no andrasana amin'ity fifaninanana ity. Hizara efatra ny hazakazaka ka ny voalohany dia ny marathon 42,195 km, ny « *Foulée de Tana* », mirefy 10 km no faharoa, ny « *Handirun* » no fahatelo ary ny « *Marathoons*» mirefy 1,5 km, azon'ny rehetra andraisana anjara, no fahaefatra. Hampiavaka ity andiany ity ny fisian'ny « Marathoons ». Ny tanjona hoy ny mpikarakara dia miara-mihazakazaka ny rehetra ho an'ny fahasalamana.

Mbola misokatra ho an'ny rehetra ny fisoratana anarana eny anivon'ny Federasiona malagasin'ny taranja fototra Atletisma sy eny amin'ny VIMA Ankodrondrano. Miaradalana amin'ity Marathon International de Tana ity ihany koa ny fanentanana ho an'ny fikajiana ny tontolo iainana izay iarahan'ny mpikarakara miasa amin'ny ministeran'ny tontolo iainana izay nampitondrain'izy ireo ny anarana hoe « *tontolo andro maintso* » ( Journée verte) mandritra ny hazakazaka. Nambaran'ny mpikarakara ihany koa fa hisy ny fanomezana manokana omena ireo mpandray anjara rehetra. Amin'ny maha hetsika goavana ity Marathon International de Tana ity, dia loka goavana ihany koa no atolotry ny mpikarakara ka lelavola 1.500.000 ar. no ho azon'ny laharana voalohany, 1.000.000 ar. ho an'ny laharana faharoa ary 600 000 ar. ho an'ny laharana fahatelo .

***Nono R***




*Ireo mpikarakara ny Marathon de Tana*